# Se souvenir de la brebis

Par William K. Jackson
*des soixante-dix*

# Mahatsiaro ny ondry

Nataon'ny Loholona William K. Jackson
*Ao amin'ny Fitopololahy*

Conférence générale d'octobre 2025

---

*Le principe de dénombrer et de rendre compte fonctionne. C'est la manière du Seigneur.*

*Mahomby ny fitsipiky ny fanaraha-maso sy ny famantarana. Izany no fomban'ny Tompo.*

Le Christ est le Bon Berger. Chacun des membres du troupeau est précieux à ses yeux. Il a montré comment prendre soin du troupeau et nous a enseigné par ses paroles et ses actes les qualités d'un bon berger : connaître ses brebis par leur nom, les aimer, retrouver celles qui sont perdues, les nourrir et, finalement, les ramener de nouveau au foyer. Il attend de nous que nous agissions de la même manière en tant que bergers adjoints.

I Kristy no Mpiandry Tsara. Sarobidy Aminy ny tsirairay amin'ny andian'ondry. Naneho ny lamina hanaovana fanompoana Izy ary nampianatra antsika tamin'ny alalan'ny teny sy ny asa ireo toetra tsara ananan'ny mpiandry tsara, isan'izany ny fahafantarana ny ondrinao amin'ny anarany, ny fitiavana azy ireo, ny fitadiavana ireo izay very, ny famahanana, ary ny fitarihana azy ireo hody any an-trano amin'ny farany. Miandry antsika hanao izany Izy satria mpiandry ondry eo ambany fitarihany isika.

L'exemple de Moroni, ancien prophète et berger exceptionnel, nous en apprend beaucoup sur ce que l'on peut faire pour servir à la manière du Seigneur. Il a vécu à une époque très difficile. Il ne bénéficiait pas de téléphone portable, d'ordinateurs ou d'Internet. Mais il a réussi à suivre attentivement les brebis. Comment y est-il parvenu ? Nous avons un aperçu de sa méthodologie dansMoroni 6. Nous y lisons que les membres « étaient comptés parmi le peuple de l'Église du Christ ; et leur nom était pris, pour qu'on se souvînt d'eux et qu'on les nourrît de la bonne parole de Dieu, pour les garder dans la voie droite. […] Les membres de l'Église se réunissaient souvent pour jeûner et pour prier,et pour se parler l'un à l'autre du bien-être de leur âme» (Moroni 6:4-5).

Afaka mianatra zavatra betsaka momba ny fanompoana araka ny fomban'ny Tompo avy amin'ilay mpaminany fahiny, sy mpiandry ondry tena miavaka, dia i Môrônia, isika. Niaina nandritra ny fotoana tena sarotra izy, tsy nanana tombontsoa hampiasa finday, solosaina, ary ny internet. Kanefa nahavita nanara-maso ireo ondry izy. Ahoana no nanaovany izany? Tsikaritsika ao amin'nyMôrônia 6ny fomba nentiny niasa. Vakintsika ao fa ireo mpikambana dia "noraisina ho isan'ny vahoakan'ny fiangonan'i Kristy; ary nalaina ny anarany mba hahatsiarovana azy sy hamahanana azy amin'ny teny soan' Andriamanitra, hitehirizana azy amin'ny lalana tsara. … Ny fiangonana dia nihaona miaraka matetika mba hifady hanina sy hivavaka,ary hifampiresaka amin'izy samy izy ny momba ny fiadanan'ny fanahiny" (Môrônia 6:4–5; nampiana fanamafisana).

Pour Moroni, tout était une question de personnes, de noms ! Il savait dénombrer et rendre compte afin qu'on se souvienne detous. Il remarquait ceux qui étaient en difficulté ou qui

Ho an'i Môrônia dia ny olona no manan-danja indrindra—anaran'olona! Nampihatra ny fitsipiky ny "fanaraha-maso sy ny fahafantarana" izy mba hahatsiarovana nyrehetra. Tsikaritra

erraient, permettant ainsi aux saints de discuter de leur bien-être en conseil. Comme le berger qui a laissé les quatre-vingt-dix-neuf autres brebis, en sécurité, j'en suis certain, pour aller à la recherche de celle qui était perdue (voirLuc 15:4-7), il nous est demandé d'être tout aussi attentifs à nos troupeaux, de les compter, de nous souvenir d'eux, et d'aller et de faire de même.

daholo izay rehetra nanana olana na nania, ary izany dia namela ireo Olomasina hifanakalo hevitra ny amin'izay mahasoa azy ireo tao anatin'ireo filankevitra. Tahaka ilay mpiandry ondry namela ireo sivy amby sivifolo (izay voaro tamin'ny loza, azoko antoka izany) dia nandeha nitady ilay iray izay very (jereo nyLioka 15:4–7), no angatahana antsika koa mba hamantatra ireo andian'ondrintsika—mba hahatsikaritra sy hahatsiaro ary handeha sy hanao toa izany koa.

Quand j'étais dirigeant de mission en Inde, je me souviens avoir demandé à un jeune président de branche quels étaient ses objectifs pour l'année à venir, notamment : « Combien d'hommes allez-vous préparer à recevoir la Prêtrise de Melchisédek ? » Il a répondu immédiatement : « Sept ! »

Fony aho mpitarika misiôna tany Inde, dia tadidiko aho nanontany filohan'ny sampana tanora iray ny tanjon'izy ireo sasany ho an'ny taona ho avy hoe: "Lehilahy firy no homaninao handray ny Fisoronana Melkizedeka?" Dia namaly avy hatrany izy hoe "Fito!"

Je me demandais d'où il avait bien pu tirer, comme par magie, ce chiffre très précis ! Avant que je puisse répondre, il a sorti une feuille de papier sur laquelle étaient écrits sur le côté les chiffres d'un à sept. Sur les cinq premières lignes, on lisait les noms de personnes déjà identifiées, que son collège d'anciens et lui allaient inviter et encourager à recevoir la bénédiction de la prêtrise. Bien sûr, j'ai voulu en savoir plus sur les lignes six et sept restées vides. Secouant la tête avec sympathie, il m'a dit : « Oh, frère, nous allons certainement baptiser au moins deux hommes au début de l'année qui pourraient avoir la prêtrise d'ici la fin de l'année. » Ce dirigeant remarquable comprenait l'importance de dénombrer et rendre compte.

Nanontany tena aho hoe avy aiza no namoronany izany isa voafaritra tsara izany! Tsy mbola nahavita namaly akory aho dia nanoratra teo amin'ny sisin'ny taratasy iray ny isa iray ka hatramin'ny fito izy. Nisy anarana teo amin'ireo andalana dimy voalohany—olona tena nisy izay handeha hasain'izy sy ny kôlejin'ny loholona misy azy sy ho amporisihin'izy ireo hahazo ny fitahian'ny fisoronana eo amin'ny fiainan'izy ireo. Mazava ho azy fa tsy maintsy nanontany momba ireo andalana fahenina sy fahafito tsy nisy na inona na inona aho. "Filoha a!" hoy izy sady nanetsiketsika ny lohany tamim-pitiavana, "azoko antoka fa hanao batisa lehilahy roa isika farafahakeliny amin'ny fiandohan'ny taona izay ho afaka ny hahazo ny fisoronana alohan'ny faran'ny taona". Nahatakatra ny fitsipiky ny fanaraha-maso sy ny fahafantarana io mpitarika tena tsara io.

Le Christ a organisé son Église de manière à ce qu'aucune âme ne soit oubliée, car chacune lui est chère. Dans une paroisse, chaque membre, quel que soit son âge ou son genre, est entouré de nombreux intendants, des bergers, qui ont la tâche de veiller sur lui et de se souvenir de lui. Un jeune homme, par exemple, bénéficie du soutien de nombreuses personnes désignées pour veiller à son bien-être : un épiscopat, des frères de service pastoral, des consultants adultes pour les jeunes, des instructeurs du séminaire, des présidences de collège et d'autres encore, qui servent tous de filets de sécurité, solidement accrochés sous ce jeune pour le rattraper s'il tombe. Même si un seul filet est correctement positionné, ce jeune homme sera en sécurité, on fera attention à lui et on se souviendra de lui. Pourtant, sou-

Naorin'i Kristy tamin'ny fomba izay tsy hanadinoana mora foana na dia fanahy iray aza ny Fiangonany, satria sarobidy Aminy ny fanahy tsirairay avy. Ny olona tsirairay ao amin'ny paroasy iray, na firy taona na lahy na vavy, dia manana mpitantana, mpiandry maro, izay nomena andraikitra hikarakara azy ireo sy hahatsiaro azy ireo. Ny zatovolahy iray ohatra, mba hitsinjovana izay mahasoa azy, dia nomena episkôpà, rahalahy mpanompo, olon-dehibe mpanoro hevitra ny zatovo, mpampianatra seminera, fiadidian'ny kôlejy ary olona maro hafa hiandraikitra azy, izay miasa toa ny harato fiarovana, izay mihenjana tsara ao ambanin'io zatovo io hitanty azy raha mianjera izy. Na dia harato iray monja aza no voapetraka tsara araka ny tokony ho izy, dia ho voaro sy ho tsikaritra ary hotsaroa-

vent, il n'y a pas le moindre filet en place. Les gens s'égarent régulièrement dans le brouillard de ténèbres et personne ne s'en aperçoit. Comment pouvons-nous devenir de meilleurs bergers ? Nous pouvons apprendre à dénombrer et à rendre compte.

L'Église nous fournit des rapports et des outils pour faire exactement cela : nous souvenir. Le rapport trimestriel en est un excellent exemple. Il nous permet de dénombrer chaque membre, de rendre compte de sa situation à plusieurs reprises et de remarquer ceux qui sont absents ou qui ont besoin de notre aide et de notre amour. La liste d'actions et d'entretiens à mener identifie les personnes qui ont actuellement besoin de notre attention, de même que le rapport sur le statut des recommandations pour le temple et d'autres rapports. Ces outils de dénombrement et de compte-rendu nous permettent de nous focaliser sur les personnes. Qui a besoin d'un appel, d'un avancement dans la prêtrise ou d'aide pour apporter le nom d'un ancêtre au temple ? Qui pourrions-nous aider à se préparer à une mission à plein temps ? Qui n'a-t-on pas vu ce mois-ci ? Ces outils nous permettent de nous souvenir des personnes.

Je connais une famille aux États-Unis qui a accepté une affectation en Afrique. Le tout premier dimanche, ils sont entrés dans la seule unité de l'Église du pays, où ils ont été accueillis avec enthousiasme. À la fin de la matinée, l'épouse a été appelée présidente de la Société de Secours et lui dirigeant des Jeunes Gens ! Il a demandé au président de branche qui avait l'air épuisé combien il y avait de jeunes gens. Ce dirigeant fidèle, membre de première génération, a montré du doigt le fond de la salle de Sainte-Cène et a dit : « Ces deux-là. » L'homme était sceptique, à juste titre. Il a donc emporté chez lui une liste de membres de la branche et a rapidement remarqué qu'il y avait en fait vingt jeunes gens sur la liste. Il est retourné voir le président de branche et a demandé que deux jeunes adultes dynamiques et bilingues lui servent de conseillers, puis il s'est assis avec eux et les deux garçons pour revoir les noms de la liste.

na izany zatovolahy izany. Matetika anefa dia tsy mahita harato mipetraka tsara araka ny tokony ho izy isika na dia iray aza. Mirenireny foana ka very any anaty zavona ny olona, ary tsy misy mahatsikaritra. Ahoana no ahafahantsika ho lasa mpiandry ondry tsaratsara kokoa? Afaka mianatra manara-maso sy mamantatra isika.

Mamatsy antsika amin'ny tatitra sy fitaovana ny Fiangonana mba hanaovana izany mihitsy, dia ny mahatsiaro. Ohatra tena tsara amin'izany ny tatitra isaky ny telo volana. Mamela antsika izany hanara-maso sy hamantatra imbetsaka ny mpikambana tsirairay sy hahatsikaritra ireo izay tsy tonga na mila ny fanampiantsika sy ny fitiavantsika. Ny lisitry ny asa mila atao sy ny tafa sy dinika dia ahafantarana ireo izay mila ny fifantohantsika izao ankehitriny izao, ary toa izany koa ny tatitra momba ny maha-manan-kery na tsia ny fahazoan-dalana hidirana ny tempoly sy ireo zavatra hafa. Ireo fitaovana fanaraha-maso sy famantarana ireo dia mampifantoka antsika amin'ny olona. Iza no mila antso, fandrosoana ao amin'ny fisoronana, na fanampiana hitondra anaram-pianakaviana any amin'ny tempoly? Iza no azontsika ampiana hiomana hanao asa fitoriana amin'ny fotoana feno? Iza no tsy tonga tamin'ity volana ity? Manampy antsika hahatsiaro olona ireo fitaovana ireo.

Mahafantatra fianakaviana iray avy any Etazonia aho izay voatendry hanao asa any Afrika. Nandeha tao amin'ny rantsan'ny Fiangonana tokana tao amin'ilay firenena izy ireo ny alahadin'izy ireo voalohany indrindra, ary noraisina tamim-pifaliana tokoa izy ireo tao. Rehefa akaiky hifarana ny maraina dia nantsoina ho Filohan'ny Fikambanana Ifanampiana ny vadin'ilay lehilahy ary izy kosa dia nantsoina ho mpitarika ny Zatovolahy! Nanontany ny filohan'ny sampana izay hita ho torovana izy hoe nisy firy ny zatovolahy tao. Nanondro tany amin'ny farany aorian'ny efitranon'ny fanasan'ny Tompo io mpitarika mahatoky izay mpikambana voalohany tao amin'ny fianakaviany io dia niteny hoe: "Iretsy roa iretsy". Tena tsy nino izany ilay lehilahy, ka dia nitondra lisitry ny mpikambana tao amin'ny sampana tany an-trano, ary vetivety izy dia nahatsikaritra fa 20 raha ny marina no zatovolahy tao amin'ilay lisitra. Niverina tany amin'ilay filohan'ny sampana izy dia nangataka tanora mavitrika miisa roa mahay fiteny roa mba ho mpanolotsainy ary avy eo dia niara-nipetraka izy sy ireo ankizilahy roa hijery ireo anarana.

Ensuite, ces jeunes gens diligents se sont mis au travail. Au cours des mois suivants, ils ont trouvé tous les garçons enregistrés sur la liste. Nom après nom, ces brebis perdues ont été accueillies par leurs camarades, et nourries spirituellement et physiquement ! En l'espace d'un an, chaque dimanche, on observait une moyenne de vingt et un jeunes gens présents aux réunions. Que Dieu soit loué pour ces jeunes gens qui dénombraient et rendaient compte.

Un ami cher, alors jeune étudiant de troisième cycle, a déménagé avec sa famille dans une grande ville américaine pour poursuivre ses études. Il a immédiatement été appelé à présider le collège des anciens. Un peu inquiet à l'idée de son premier entretien avec le président de pieu, il avait décidé d'arriver préparé. Il a dit au président de pieu qu'il avait trois objectifs pour l'année à venir : (1) 90 % de service pastoral (2) un enseignement approfondi de l'Évangile chaque semaine et (3) une activité de collège bien planifiée chaque mois.

Ce président de pieu avisé a demandé à mon ami en souriant : « Pourriez-vous me donner le nom d'un membre du collège qui est non-pratiquant et que vous pourriez accompagner avec sa famille au temple cette année ? » Cette question a pris mon ami par surprise. Il a réfléchi attentivement et a trouvé un nom. « Écrivez-le », lui a recommandé le président de pieu. Puis ce dirigeant expérimenté a posé la même question à trois reprises et l'entretien s'est terminé. Ce jeune homme est sorti de cet entretien en ayant appris l'une des plus grandes leçons sur l'art de diriger et de servir. Il était venu à l'entretien avec des programmes, des leçons et des activités. Il est reparti avec des noms ! Mon ami et son collège ont par la suite fait de ces quatre noms leur priorité.

En tant que dirigeant de mission, j'ai rendu visite à l'une de mes branches un dimanche matin. J'ai remarqué que le président de branche ne cessait de sortir une fiche de sa poche pour écrire dessus. Après la prière de clôture, j'ai décidé de lui demander de quoi il s'agissait. Une fois la réunion terminée et avant que j'aie pu le questionner sur la fiche, le dirigeant de mission de

Nandeha niasa avy eo ireo tanora mazoto ireo. Tao anatin'ireo volana vitsy manaraka dia hitan'izy ireo ny ankizilahy tsirairay tao amin'ilay lisitra. Noraisin'ireo namany tsara indray tsirairay, isaky ny anarana, ireo ondry very ireo ary nofahanana ara-panahy sy ara-batana! Tao anatin'ny taona iray, isaky ny alahady, dia nisy zatovolahy 21 teo ho eo nanatrika fivoriana. Soa ihany fa nisy ireo zatovolahy nanara-maso sy namantatra.

Nisy namana tena tiako iray, izay mpianatra tanora nahavita fianarana, nifindra niaraka tamin'ny fianakaviany nankany amin'ny tanàna amerikana lehibe iray mba hanohy ny fianarany. Nantsoina hiahy ny kôlejin'ny loholona avy hatrany izy. Na dia somary nitaintaina tamin'ny tafa sy dinika voalohany handeha hataony tamin'ny filohan'ny tsatòka aza izy, dia tapakevitra ny hiatrika izany tamim-pahavononana izy. Nilaza tamin'ny filohan'ny tsatòka izy fa nanana tanjona telo ho an'ny taona ho avy: (1) fanompoana 90 isan-jato, (2) lesona manan-danja momba ny filazantsara isan-kerinandro, ary (3) fiaraha-mientan'ny kôlejy vita rafitra tsara isam-bolana.

Nitsiky tamin'ilay namako io filohan'ny tsatòka hendry io dia nanontany hoe: "Afaka milaza anarana mpikambana malaindaina iray ao amin'ny kôlejy izay azonao ampiana handeha ho any amin'ny tempoly miaraka amin'ny fianakaviany amin'ity taona ity ve ianao?" Tsy nampoizin'ilay namako izany. Nieritreritra tsara izy dia nilaza anarana iray. "Soraty izany", hoy ny filohan'ny tsatòka nanome toromarika. Avy eo dia nametraka io fanontaniana io in-telo indray io mpitarika be traikefa io … dia tapitra ilay tafa sy dinika. Nivoaka avy tao amin'io tafa sy dinika io nianatra ny iray tamin'ireo lesona tsara indrindra noraisiny momba ny fitarihana sy ny fanompoana io tovolahy io. Nitondra fandaharan'asa sy lesona ary fiaraha-mientana izy rehefa nanatrika io tafa sy dinika io. Nivoaka avy tao niaraka tamin'ny anarana izy! Taorian'izay dia lasa zavatra lehibe indrindra nifantohan'ny fanompoany sy ny fanompoan'ny kôlejiny ireo anarana ireo.

Fony aho mpitarika misiôna dia nitsidika ny iray tamin'ireo sampana niadidiako aho indray alahady maraina. Tsikaritro fa naka karatra avy tao am-paosiny foana ilay filohan'ny sampana dia nanoratra teo amin'ilay izy. Nanapa-kevitra ny hanontany azy momba izany aho rehefa vita ny vavaka famaranana. Vao tapitra ilay fivoriana, ary talohan'ny nametrahako fanontaniana

branche s'est précipité sur l'estrade et le président lui a remis la fiche. Rapidement, j'ai suivi ce dirigeant enthousiaste à sa réunion hebdomadaire de coordination missionnaire de branche. Avant que la réunion commence, il a sorti le papier de sa poche. Il était rempli des noms des membres absents à la réunion de Sainte-Cène. En quelques minutes, chaque membre du conseil avait choisi un nom ou deux, s'engageant à rendre visite aux personnes le jour même pour s'assurer qu'elles allaient bien et pour leur faire savoir qu'on avait regretté leur absence.Voilàce qu'on appelle dénombrer et rendre compte.

Je me souviens d'un district, à plusieurs heures d'avion du temple le plus proche, qui avait comme priorité absolue de s'assurer que chaque membre ait une recommandation pour le temple valide, en dépit du fait qu'elle ne serait probablement jamais utilisée. Le premier dimanche de chaque mois, les dirigeants utilisaient leurs outils de suivi pour recenser leurs membres dotés. S'ils constataient qu'une recommandation arrivait bientôt à expiration, le secrétaire exécutif planifiait un entretien pour son renouvellement. On tenait conseil au sujet des membres dont la recommandation avait expiré, puis on cherchait activement à leur venir en aide pour qu'ils reviennent sur le chemin des alliances. J'ai demandé combien de membres dotés avaient une recommandation valide. La réponse a été un stupéfiant 98,6 %. Lorsque j'ai demandé ce qu'il en était des six personnes dont la recommandation avait expiré, les dirigeants ont pu me donner leur nom et m'ont décrit les efforts déployés pour les ramener !

Il y a quelques années, ma famille et moi sommes retournés vivre aux États-Unis. Nous étions enthousiastes à l'idée d'assister aux réunions de l'Église ici après vingt-six années extraordinaires passées dans des unités plus petites et plus isolées. J'ai été appelé comme missionnaire de paroisse. Nous avions un excellent dirigeant de mission de paroisse et nous faisions des choses enthousiasmantes et instruisions des

momba ilay karatra, dia nihazakazaka nankeny amin'ny lampihazo ny mpitarika ny asa fitoriana eo anivon'ny sampana, ary natolotra azy teny ilay taratasy. Narahako haingana tany amin'ny fivoriana fandrindrana ny asa fitoriana ao amin'ny sampana izay notarihiny io mpitarika mavitrika io. Navoakany tao am-paosiny ilay karatra talohan'ny nanombohan'izy ireo. Feno ny anaran'ireo mpikambana izay tsy tonga tao amin'ny fivoriana fanasan'ny Tompo ilay izy. Tao anatin'ny minitra vitsy dia nisafidy anarana iray na roa ny mpikambana tsirairay tao amin'ilay filankevitra, ary nanolo-tena ny hitsidika azy ireo tamin'io andro io ihany mba hakana antoka fa tsy nanana olana izy ireo ary mba hampahafantarana azy ireo fa nalahelo azy ireo ny olona.Izanyno atao hoe manara-maso sy mamantatra.

Tsaroako ny distrika iray, nila nandehanana fiaramanidina nandritra ny ora maromaro vao tonga tany amin'ny tempoly akaiky azy indrindra, izay laharam-pahamehana ambony tao amin'izany ny fihazonana fahazoan-dalana hidirana ny tempoly manan-kery, na dia fantatra aza fa mety tsy ho ampiasaina mihitsy izany. Ny alahady voalohan'ny volana tsirairay dia nampiasa ny fitaovana fanarahany maso ireo mpitarika mba hamantarana ireo mpikambana nahazo fanafiana masina ao amin'izy ireo. Raha hitan'izy ireo fa efa akaiky ho lany daty ny fahazoan-dalana iray, dia nandamina fotoana hanaovana tafa sy dinika fanavaozana ny mpitantsoratra mpanatanteraka. Notoroana hevitra ireo olona nanana fahazoan-dalana efa lany daty, ary avy eo dia nokatsahina ny hanampiana azy ireo hiverina eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana. Nanontany aho hoe firy tamin'ireo mpikambana efa nahazo fanafiana masina tao amin'izy ireo no nanana fahazoan-dalana manan-kery. Valiny nahatalanjona no azo: 98,6 isan-jato. Rehefa nanontaniana momba ireo enina nanana fahazoan-dalana lany daty ireo mpitarika dia afaka namantatra azy ireo tamin'ny anarany ary namariparitra tamiko ireo ezaka natao mba hamerenana azy ireo!

Taona vitsy lasa izay dia niverina tany Etazonia ny fianakaviako. Faly ery izahay nanatrika ny fiangonana taty taorian'ny 26 taona mahatalanjona nanatrehana ireo rantsana kely kokoa izay nitoka-monina kokoa. Nantsoina ho misiôneran'ny paroasy aho. Nanana mpitarika ny asa fitoriana ao amin'ny paroasy tena mahay izay nanao zavatra mahafaly maro sy nampianatra olona mahafinaritra izahay. Nangataka ny

gens merveilleux. J'ai demandé à assister à une réunion du conseil de paroisse pour observer les échanges et obtenir de l'aide pour les amis avec lesquels nous travaillions. À ma surprise, la discussion s'est limitée à une activité de paroisse à venir. Après la réunion, j'ai abordé le dirigeant de mission de paroisse et lui ai fait remarquer qu'il n'avait pas eu l'occasion de faire un rapport au sujet de nos amis. Sa réponse ? « Oh, je n'ai jamais l'occasion de faire un rapport. »

J'ai comparé cela à une réunion du conseil de branche à Lahore, au Pakistan, à laquelle j'avais assisté quelques semaines auparavant. Ce petit groupe de personnes s'était assis ensemble autour d'une petite table pour ne parler que de personnes, de noms. Chaque dirigeant avait fait rapport de son intendance, et des personnes et des familles qui le préoccupaient. Tous avaient eu l'occasion d'exprimer leurs idées sur les meilleures façons de servir les personnes dont il était question. Des plans avaient été élaborés et des tâches données. Quelle merveilleuse leçon de la part de nos frères et sœurs de la première génération sur la manière de dénombrer et de rendre compte nominativement !

Dans l'Église de Jésus-Christ, nous avons reçu, par l'intermédiaire des prophètes passés et actuels, et par le modèle établi par notre Sauveur, des instructions sur la manière de servir. Nous prenons les noms, nous nous souvenons des personnes et nous tenons conseil sur le bien-être des âmes. Les dirigeants qui font cela ne seront jamais à court de points à l'ordre du jour de leurs réunions de conseil ! Le fait de dénombrer et de rendre compte fonctionne bien. C'est la manière de faire du Seigneur. Nous pouvons faire mieux. Pour Dieu, qui a créé l'univers et règne sur tout, cette œuvre,sonœuvre et sa gloire, est très personnelle. Et il devrait en être de même pour chacun de nous, en tant qu'instruments entre ses mains dans son œuvre prodigieuse de salut et d'exaltation. Il en résultera des miracles dans la vie de vraies personnes. Au nom de Jésus-Christ. Amen.

hanatrika fivoriana filankevitry ny paroasy aho mba handinika sy hangataka ny fanampian'izy ireo amin'ireo naman'ny Fiangonana izay niarahanay niasa. Gaga aho fa fiaraha-mientan'ny paroasy hatao ato ho ato fotsiny no noresahina tao. Nanatona ilay mpitarika ny asa fitoriana tao amin'ny paroasy aho taorian'izay dia naneho hevitra hoe tsy nanana fahafahana ny hiverina sy hanao tatitra momba ireo olona ao amintsika izy. Ny valin-teny nomeny? "Hitanao, tsy manao tatitra izany mihitsy aho".

Nampitahaiko tamin'ilay filankevitry ny sampana iray tany Lahore Pakistan izay vao avy natrehako herinandro vitsivitsy talohan'izay izany. Niara-nipetraka nanodidina ny latabatra kely iray io vondrona kely io, ary olona ihany no noresahin'izy ireo. Anarana. Samy nanao tatitra momba ny adidiny sy momba ireo isam-batan'olona sy fianakaviana izay niahiany ny mpitarika tsirairay. Nanana fahafahana hizara ny eritreriny mikasika ny fomba tsara indrindra azon'izy ireo hitahiana ireo olona noresahina daholo ny rehetra. Novolavolaina ireo drafitra ary natao ny fanomezana andraikitra. Lesona tena tsara momba ny fanaraha-maso sy ny famantarana amin'ny anarana avy amin'ireo rahalahy sy anabavintsika izay mpikambana voalohany tao amin'ny fianakavian'izy ireo tokoa izany.

Ato amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy isika dia nampianarin'ireo mpaminany fahiny sy mpaminany ankehitriny, ary amin'ny alalan'ireo ohatra asehon'ny Mpamonjy, mikasika ny fomba hanompoana. Maka ireo anarana isika dia mitadidy izany ary mifampila hevitra momba ny fiadanan'ireo fanahy. Tsy ho lany zavatra horesahina ao amin'ny fandaharam-potoana mandritra ireo fivoriana filankevitra ataon'izy ireo mihitsy ireo mpitarika izay manao izany! Mahomby ny fitsipiky ny fanaraha-maso sy ny famantarana. Izany no fomban'ny Tompo. Afaka manao tsaratsara kokoa isika. Ho an' Andriamanitra, izay nahary izao tontolo rehetra izao sy manapaka amin'ny zava-drehetra, ity asa ity, izay ny asanysy ny voninahiny, dia tena mahakasika isam-batan'olona manokana. Ary tokony ho toa izany koa ho antsika tsirairay avy, satria isika fitaovana eo an-tanany amin'ny asany mahatalanjona ho an'ny famonjena sy ho an'ny fisandratana. Fahagagana eo amin'ny fiainan'ny olona tena misy no ho vokatr'izany. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena.